## Ny Valosoa sy hadihady

### Herimanana Razafimahefa

# Kapoka mandrivorivo no nomeny ny governemanta

Raha ny resaka nataon'i Andry Nirina Rajoelina tamin'ny gasy ny alahady lasa teo dia mbola mihevitra ny tenany ho filohan'ny Repoblika ihany izy matoa mampiasa ny fitenenana hoe : « hitafatafa amin'ny vahoaka malagasy ». Ambonin'izany dia « toy ny ganagana tsy ary nify izy nefa manakora saka banga », satria manakorontana ny fiharian'ny maro an'isa sy ny Firenena ary ny fanjakana mihitsy hono ireo olona sasantsasany vitsy an'isa kanefa raha vitsy an'isa ny mpiaradia amin'ireo kandidà 11 ireo dia nahoana i Andry Nirina Rajoelina no mihorohoro ka mihevitra fa ny fanapempoana, fampitahorana sy fampitandremana ary fanomezana moraly no hampihemotra ny Malagasy efa miaina ao anatin'ny loza nandritra ny taona maro dia misotro ny aleoko maty toy izay mbola hanome vahana vazaha. Tsy manaiky vazaha (Andry Nirina Rajoelina) ho fidina filoham-pirenena ireo kandidà ireo dia lazaina fa manavakavaka ny samy Malagasy ka tsy azo ekena, hono izany. Tsy misy tsy mahalala fa gasy ray, gasy reny Andry Nirina Rajoelina ary teto Madagasikara, tao Antsirabe no nahalatsahan'ny tavoniny, saingy izy no ninia nanary ny zom-pirenena maha malagasy azy ka nangataka zom-pirenena frantsay. Porofon'ny fahalemen'ny IRMAR (Isika Rehetra Miaraka Adala amin-Rajoelina) dia taorian'ny fisamborana tsy amin'ny antony nataon'ny zandary ny zoma sy sabotsy lasa teo ka niheveran-dRajoelina fa hampihemotra ny vahoaka no nanao ireny vava tsy ambina ireny izy. Matahotra ihany koa Andry Nirina Rajoelina, fa hanohina ny antson'ny vondron'ny kandidà tokoa ny « casques bleus » dia ho avy eto ka hifanandrina amin'ny tafika malagasy kanefa ny vahoaka Malagasy no hifanandrina amin'ireto herim-pamoretana ireto raha mbola hamporisihana hanao ny tsy tokony hatao toy izao ihany. Zo fototra voarakitra ao anaty Lalàmpanorenana ny maneho hevitra sy midina andàlambe, ka tsy manaiky ny sakantsakana tsy hanao izany ny olompirenena manohitra ny mbola firotsahan'ny vazaha frantsay hitantana ny Firenena. Misy fetra anefa hono izany fahalalahana izany hoy ity filohan'ny Repoblika teo aloha ity, ka rehefa manohintohina ny an'ny hafa dia tsy azony ekena. Ny zavatra niainana anefa dia afaka nivarotra sy nanao ny asa fivelomany ny rehetra nandritra ny andro maromaro nanaovan'ny Vondron'ny kandidà 11 hetsika izay. Na inona na inona lazain'i Vazaha entina mandemy ny saim-bahoaka dia tsy takona hafenina toy ny tafika andrefan-tanàna fa mitombo izay tsy izy ny vahoaka manohana ny fitakian'ny Vondron'ny Kandidà. Tahotra, fahalemena sy tsy fahatokisan-tena ny fanoloana lehiben'ny distrika ary fanerena mpiasam-panjakana (mpampianatra, sns,…), any amin'ny tany lavitra andriana any, hirotsaka mpikambana TGV raha tsy izany dia hafindra toerana kanefa tokony ho ao antsain'izay manao izany, fa tsy ho eo aminy mandrakizay ny fahefana eo am-pelatànany ka hisitri-belona aiza rehefa mitsimbadika ny tantara. Nanokatra ny fampielezan-kevitra tany Antsiranana, ny talata teo, Andry Nirina Rajoelina, kanefa toa tsy izany no nitranga satria olona marobe no nanao akanjo lokomboasary no nameno kianja, nitotorebika sy nandihy ary tamin'ny andro alina ka toa tsy fandresen-dahatra no natao fa fety. Ny atoandron'io andro io ihany koa dia kapoka mandrivorivo no nahazo ny governemanta sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), satria novakian'ny Filohan'ny Antenimierandoholona Herimanana Razafimahefa bantsilana, fa tsy nandray ny fahefana izy satria norahonana ny ankohonany, indrindra ny zanany 15 taona. Sahy izy izao satria efa nalefany any ivelany ny zanany dia nateriny tao amin'ny HCC ny taratasy manambara izany toe-draharaha izany. Tsy misy marina tsy hipoitra tokoa eo amin'ity fiainana mandalo ity, ka azo sokajiana ho mpampihorohoro ireo izay nanao ny fandrahonana ary ho sahy handray ny andraikitra mifanandrify amin'izany ny mpanao fanadihadiana momba ny heloka bevava sy ny Fitsarana. Hodian'i Andry Nirina Rajoelina tsy fantatra ny olona ampanaoviny asa maloto toy izany rehefa tonga ny fotoana tsy azony hanoharana izy, ka voatery hiverina any Lafrantsa firenena nosafidiany ho tompoina sy hampandrosoana. Tsy maintsy saintsainina sy lanjalanjaina tsara izay atao satria ny nenina tsy mipetraka atao « Mbay làlana, ary tsy mitsidika hatao « mandrosoa »,  fa aoriana vao mandatsa.

***Andry Tsiavalona***

Gérard Ramamimampionona

# Ilaina ny fifanatonana, tsy misy hahazo tombony amin'ny korontana

Nanamafy ny fitoniana eto amin'ny firenena manoloana ny toe-draharaham-pirenena ankehitriny, ny mpandalina fiaraha-monina sady mpanabe, Gérard Ramamimampionona, efa filoha lefitry ny Cfm faritany Antananarivo teo aloha. Tokony samy handinika ny andaniny sy ny ankilany hoy izy, satria ny vahoaka hatrany no lasibatra rehefa misy korontana eto Madagasikara, Ilaina ny fifanatonana eo amin'ny roa tonta hoy izy ary tsy misy mahazo tombony amin'ny fikorontanana na ny andaniny, na ny ankilany. Nasiany hafatra ihany koa izay mpitondra fanjakana eto, satria fahefana nampindramina ireny, ny vahoaka no mametraka azy, ka rehefa tapitra ny fe-potoam-piasany dia miverina amin'ny vahoaka indray izy na solombavambahoaka io, na ben'ny tanàna, sns… ka tokony hajaina ny lalàna sy ny fihavanana malagasy. Ny filaminana sy fanajana ny fihavanana ihany, no tokony hapetraka eto amin'ny firenena hoy izy ary samy tompon'ity Madagasikara ity, fa tsy an'olon-tokana akory.

***Rajo***



*Andriamatoa Gerard Ramamimampionona.*

## TONONKALO

### TSY HO AFAK'IALAHY NY FANADINANA

Ny sarin'ialahy ihany ve ry boaikely  
No hipetapetaka hameno tanàna ?  
Ialahy 'nefa ilay kandidà tsy mamely  
Fa tena malaza ho mpandika lalàna !

Voalaza fa efa tsy gasy kanefa  
Dia mbola misisika handray fahefana ?  
Tsy aleo ve misinda, tsy aleo ve milefa,  
Sa miandry horoahina sy hororàna ?

Ny sarin'ialahy ihany ve ry boaikely  
No hameno ny rindrina sy ny tanàna ?  
Ialahy 'nefa ilay kandidà tsy modely  
Sy hoe tompondaka amin'ny fandaingàna !

Heverin'ialahy mbola ho bado daholo  
Ny « ambany tanàna » sy 'zahay tantsaha ?  
Aza dia diso kajy ry mpanao bontolo :  
'Zahay tsy hifidy ny niofo ho vazaha !

…Na dia ialahy irery aza no hifaninana  
Ka hihazakazaka irery eto an-dasy,  
Tsy ho afak'ialahy raha izay hoe fanadinana  
F'efa mifoha sy tsy jamba ny gasy !

***DADAN'i ZINA (11-10-23)***

FIAINAM-PIRENENA

# Tsy azo avela hanjaka ny tsy fahamarinana

Mihazakazaka ny fandehan'ny toe-draharaham-pirenena amin'izao fotoana izao. Tonga amin'ny kihon-dalana lehibe misy sampanana roa ny firenena, ka mila mijery tsara sy mahay misafidy ny ho lalan-kizorana. Ny tsy maintsy tsinjovin'ny Malagasy dia ny fitsinjovana izay hahasoa marina ny firenena sy ny taranaka any aoriana. Mazava loatra, fa tsy mety ary tsy ekena marindrano ny fiveren-dalana ho eo ambany ziogan'ny mpitondra frantsay sy ireo mpanao politika malotony, ka hametraka ny olona na saribakoliny hitondra ny firenena. Tsy azo avela hidanadana toy izay efa 5 taona lasa izay namela higalabonan'ny fitsentsefan'ny frantsay ny harembe eto sy ny tombontsoa efa nandritry ny taona marobe izay izao fotoana izao, fa ampy izay. Raha toa ka tsy ahitan-teny mihitsy ny fitondrana frantsay amin' ny alalan'ny masoivohony eto, dia izy mihitsy no ao ambadik'izao fiziriziriana'i



*Vahoaka marobe miady amin'ny tsy fahamarinana sy ny tsy rariny mbola misy eto amin'ny firenena.*

Andry Rajoelina sy ny mpanohana be fahatany azy izao. Izy no azo lazaina tsotra izao fa manohana ireo rantsamangaikan'ny vondrona "mafià" eto amin'ny firenena izao raha mangina izy. Iarahamahalala, fa efa mikotrika tetika maizina ireto olona ireto, ka tsy mampaninona azy velively na hisy fisaraham-bazan'ny samy Malagasy aza na hiafara amin'ny fifandonana mihitsy. Efa nanainga izany ireo olony tamin'ny fanaovana fihantsiana samihafa tamin'ireo vahoaka marobe mitandahatra midina an-dalambe tarihin' ireo vondron'ny kandidà 11, mitaky ny fampiharana ny lalàna sy hiverenan' ny tany tan-dalàna. Soa fa hendry ireo vahoaka mitaky ny ara-dalàna sy manao hetsika am-pilaminana sy feno fahendrena tao anaty andro maromaro izay. Heverin-dRajoelina sy ireo mpanohana azy hitondra ny firenena mankaiza izao fiziriziriana sy fanaovana letrezana izao? Tsy hisalasalana hitondra ny firenena mankany amin'ny fahapotehana tsotra izao. Ny marivo fisainana tsy mahatsinjo lavitra no tsy hahatakatra izany, fa ny olo-kendry tohina ka miezaka mafy sy mifofotra miady ny tsy hahatongavana amin'izany. Efa nisy ny faharatran'ireto olompirenena saropiaro amin' ny tanindrazana ireto vokatry ny herisetran'ny zandary izay singanina manokana, nisy ny fisamborana sy fihazonana andro maro tsy mifanaraka amin' ny lalàna, toy ny nanjo ny Sekretera jeneralin'ny Tim, Rina Randriamasinoro, ary nisy ny niafara amin'ny famonjana mihitsy. Maneho fahapotehan'ny firenena ireny rehetra ireny ary miditra ao anaty krizy tanteraka i Madagasikara amin' izao fotoana izao. Efa noezahina nosorohina ihany ny tsy hahatongavana amin' izany, fa noho ny finiavana hanao amboletra sy lalandririnina nihevitra ny tamin'ny taona 2009-2010 sy ny taona 2018, dia izao iaraha-mahita sy miaina izao indray ny vokany. Olom-bitsy no manapotika ity firenena ity amin' ny alalan'ny fanaovana fihatsarambelatsihy avo lenta.

***Sôh'son***